

Ireo kristiana any amin'ny HELO!

Carmelo Brenes

(A.K.A. (Fijoroana ho Vavolombelona tamin'ny fiteny Espaniola)

http://www.divinerevelations.info/MALAGASY

Tamin'ny taona 1982, dia tratran'i lozam-piarakodia ny tenako ka tena nahatsiravina ny ratra nahazo ahy. Rehefa nindaosin'ny fahafatesana aho dia nahatsapa aizina be. Ary indro fa nandeha tamina tonelina maizina midina any ambanin'ny tany ka fanahy tsy fantatro izay no nitondra ahy nankany. Rehefa nandeha tamin'io lalana mangatsiaka no sady maizina io izahay dia nanomboka nahaheno feon'olona mikiakiaka sy mitaraina. Nanomboka raiki-tahotra tanteraka aho. Fantatro izao fa maty ny vatako, kanefa mahatsiaro, ary marina izany, fa toy ny mbola velona aho tao amin'io toerana io.

Nahita bibilava lehibe maro aho tamin'ny manodidina rehetra ary ny fanahy rehetra ao dia mikiakiaka fa mangetaheta te-hisotro rano daholo. Tsitapitapitr'izay dia tonga teo amin'ny vavahady be misokatra izahay izay nisy efitrefitra maro sy mizarazara. Ny efitra iray dia feno olona samihafa marobe. Nanomboka nikiakiakan'ny tahotra koa aho ary nangataka famindram-po tamin'Andriamanitra. ***"Tompo ô, tsarovy ny fiainako teo anatrehanao! Mamindra fo amiko!"*** Tahotra tsy misy ohatr'izany no nahazo ny fanahiko. Ny fiainako rehetra dia toa nandalo teo imasoko daholo. Nanakaiky ny varavarana izahay ka nikiakiaka mafy indray aho hoe: ***"Mamindrà fo amiko Tompo ô; mamelà ny heloko re!!! Miangavy Anao mafy aho; mba iantrao re; ampio aho! Vonjeo aho Tompo ô!!!"***

Tampoka teo dia nangina ny tao; ary nandre feo mafy sy mahery be aho hoe: ***"Stop na mijanonà!"*** Nihovitrovitra ny tao amin'ny afobe noho ny feo maherin'i Jesosy Kristy ary navelan'ilay fanahy nitondra ahy ny tanako. ***"Izaho dia tsy Andriamanitry ny mpijangajanga, tsy Andriamanitry ny olom-betaveta, tsy Andriamanitry ny mpandainga. Koa nahoana ianareo no miantso Ahy hoe: Tompoko, Tompoko, raha tsy andriamanitry ny mpirehareha aho?"*** (Lioka 6:46)

Ketraka sy nahatsapa tena ho toy ny vovoka aho, kanefa rehefa afaka kelikely dia nihanalefaka ny feon'i Jesosy: ***"Andao hasehoko anao ny zavatra misy sy miseho amin'ity toerana ity ho an'izay tsy te-hanaraka ny Lalako fa mandeha araky ny fihevitry ny fony."***

Nandeha izahay tamin'ny toerana iray izay nahitanay vehivavy iray mipetraka eo amin'ny seza

mitsingevaheva izay. Mahaheno fitarainana sy kiakiaka mahatsiravina ny manodidina anay aho. Hita tsara ny endrik'ilay vehivavy, kanefa tampoka teo dia niova ny vatany toy ny mpamosavy no sady tena ratsy endrika tsy misy azo oharina amin'ny haratsiany. Ary nikiakiaka mafy izy nitaraina ka indro main'ny afo sy nirehitra ka natelin'ny lel'afo ny tenany manontolo. Nangataka ny famindram-po tamin'ny Tompo izy mba hamonjy azy, kanefa hoy ny Tompo tamiko : ***"Ny tambin'ny ota dia ny fahafatesana ary izay tonga ato amin'ity toerana ity dia tsy misy fanavotana intsony."*** **(Romana 6:23)**

Nasehon'ny Tompo ahy ireo olona tsy mpankatò teo amin'ny fiainany, betsaka amin'izy ireo dia olona mpivavaka amin'ny fiangonana kristiana. Tena mitomany fatratra izy ireo ary miandràndra fiantrana avy amin'i Jesosy Tompo, kanefa dia tsy misy intsony ny famelan-keloka rehefa any. ***Ny famonjena sy ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra dia natokana ho an'izay mbola velona eto an-tany***. **IANAO MBOLA VELONA NO AFAKA MIBEBAKA SY MIFONA**. Rehefa maty dia tsy misy intsony ny famelan-keloka sy ny famindram-po avy amin'Andriamanitra, araka ny voasoratra hoe : ***"Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana"*** **(Hebreo 9:27)**

Naneho ahy toerana hafa indray i Jesosy Kristy izay toerana misy menaka mangotrakotraka ary mitaraina mafy sy midridridridry main'ny lel'afo ny olona ao. Rehefa mitady lalana hivoahana dia averin'ny devoly atsipy any afovoan'ny lelafo.

Nandeha hatramin'ny toerana misy ireo mpivavaka sy nihaino ny Tenin'Andriamanitra izahay, izy ireo dia tsy te-hiova tamin'ny fiainany sy tsy nibebaka ka lasa aty amin'ny helo. Hitako tao ny pasitora maro, ny evanjelista maro , mpanao asa misiona sy mpino tsotra. Ao izy ireo noho ny antony maro samihafa :

Nahita Pasitora iray tao aho izay tsy nino mihitsy ny herin'ny Fanahy Masina, ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny tsy fantatra, ny fanasitranana sy ny batisan'ny Fanahy Masina. **(Marka 3:29)**. Nangataka fiantrana farany izy ary nangataka na dia ho indray mandeha monja aza mba hilazàny amin'izao tontolo izao fa ny fiteny tsy fantatra dia tena marina, ary ny Fanahy Masina dia misy tokoa ka ny Filazantsara no manome fanafahana sy famonjena marina ho an'ny olona. Kanefa tara loatra izany ho azy: tsy afa-miala ao amin'io toerana io intsony izy na dia nanao ny asa mahampitandrina aza. ***Teto an-tany ihany no ho nahafahany nibebaka, raha mbola velona.***

Nahita misionera (mpitory mitety tany) koa aho tao amin'ny helo. Tafiditra ao izy satria nangataka vola fa handeha hitory ny Filazantsara aty Afrika, kanjo ny antsasaky ny vola nomena azy dia nakepony fa tsy nanaovany ny asa fitoriana. Ankehitriny izy mangataka amin'ny Tompo famindram-po mba honerany ny vola izay tsy azy ka laniny. Rehefa hitany anefa fa tsy afaka hamonjy azy intsony i Jesosy dia niteny ratsy an'Andramanitra izy.

Nahita olona betsaka koa aho izay mpandeha am-piangonana ary tena nanompo an'Andriamanitra fony fahavelony. Ankehitriny izy ireo mitalaho mafy mba hamelàna ny fahotany izay tsy nibebahany, very ny famonjena azy ireo noho ny fiheverany fa rehefa tonga ny fotoana ahafatesany vao hibebaka. Tara loatra anefa izany. Nahita koa aho ireo pasitora maro izay mangalatra ny ampahafolon-karena sy ny fanatitra ataon'ny fiangonana. Ireo koa dia nangataka famelana fa honerany,hono, ny hadisoany, kanefa tara loatra koa izany.

Izay maty ka tsy manana an'i Jesosy Kristy dia mankany amin'ny helo; fa izay maty ao amin'ny Tompo Jesosy Kristy kosa dia mankany an-Danitra. Betsaka ny mihevitra sy mino fa tsy misy fiainana intsony ny ao aorinan'ny fahafatesana **(Foto-pisainana Annihilationisme).** Lainga afafin'ny devoly izany fa aorian'ny fahafatesana vao manomboka ny tena fiainana: na hiara-hidera sy hanompo an'Andriamanitra ao an-Danitra ao, na hijinja noho fanamelohana mandrakizay ao amin'ny helo. **(Daniela 12:2)**

Manana safidy ianao ankehitriny raha mbola velona ety ambonin'ny tany. Saintsaino sy diniho tsara ary alao ambony alao ambany: ***AIZA NY TOERANA HANDANIANAO NY MANDRAKIZAINAO?*** Te-handany ny fiainanao mandrakizay any amin'ny helo afo ve, sa ao amin'ny fiderana sy fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra mandrakizay? ***ANAO NY MISAFIDY.***

Nanohy ny dianay amin'ny toerana tena mampatahotra izahay, izay ahitana karazan-devoly amin'ny endriny isan-karazany: ny sasany toka-tànana, ao ny toka-maso ary koa ireo bingo tongotra. Ny fijery ny sasany toa endrik'olona misasaka ka ny ilan'ny vatany tsy misy. Nanontany aho hoe: ***"Tompo ô, fa inona ireo?"*** Namaly ny Tompo hoe: ***"Ireo dia devoly mpanimba sy mpanapotika (esprits de destruction), mpandrava ireo tokatrano maro sy mpampisara-bazana sy mpampifandrafy ny mpianakavy. Ireo devoly ireo dia tsy manana fitsaharana na dia iray minitra aza, manapotika sy mandravarava izay tratrany andro aman'alina."***



Ny fampijaliana ao amin'io toerana io dia tena mahatsiravina; mitamberimberina amin'ireo fanahy latsaka any foana izay zavatra nataony sy vitany tety ambonin'ny Tany. Ary manamarina ny fanoharana nataon'i Jesosy ny amin'ilay mpanakarena sy Lazarosy io araka ny filazantsaran'i Lioka 16:19-27. Mahatsiaro ilay mpanankarena fa manana ray sy rahalahy dimy. Tsaroanao daholo ny zavatra nataonao, ny tsara sy ny ratsy; tsaroanao ny havana aman-tsakaizanao. Anisan'ny fampijaliana izany, satria ianao maniry mafy ny tsy hankanesan'ireo akaiky anao any.

Ankehitriny, betsaka ny mpitory ny Filazantsara ary mampitandrina ny velona ety ambonin'ny tany mba hifona sy hibebaka marina. Ny hany tokana mpamonjy dia i Jesosy Kristy izay mipetraka eo an-tanan-kavanan'Andriamanitra Ray ary vonona foana Izy ny hamonjy antsika fa izany no nanolorany ny ainy teo ambonin'ny hazo fijaliana. ***"Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena".*** **(Asan'ny Apostoly 4:12).** Minoa an'i Jesosy Tompo dia hovonjena hianao.

Ireo ankizy any amin’ny Helo

Nahita vehivavy iray miaraka amin’ny zanany roa aho ka manameloka ny reniny toy izao ireo ankizy ireo: ***"Nahoana? Nahoana ianao no tsy nitondra anay hianatra Sekoly Alahady? Nahoana ianao no tsy namela anay ho any am-piangonana?"*** Manameloka sy tezitra amin’ilay reniny izy ireo satria izy tsy namela azy ireo hihaino ny Filazantsara.

Eny, hatramin'izao dia malahelo ny fanahiko ary tohina ny foko rehefa mahatsiaro ny fijaliana mahazo ireo ankizy ao amin’ny helo. Ary hitako fa eo anelanelan’ny 12 taona ka hatramin’ny 14 taona eo izy ireo. Tena manenina ny zavatra nataony tety ambonin’ny tany izy rehetra. Maro ireo kristiana mihevitra noho ny tsy fahalalàny fa ny ankizy dia tsy tokony very any amin’ny helo izany fa anjely ireo amin’ny maha-ankizy azy. Kanefa lazaiko aminao etoana fa rehefa mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy izy, ary koa tsy mety mandeha hanao ny sitrapon’ny Tompo afaky ny ho tonga any amin’io toeram-pampijaliana io koa. **(Ohabolana 22:6)**

Ny Baiboly miteny hoe: ***" Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany.”*** **(Apokalypsy 20:12)** Izay rehetra mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy dia tsy maintsy miseho eo anatrehan’Andriamanitra daholo; ary tsy misy miafina eo imason’ny Tompo na dia iray akory aza ny asan-tanan’ny zanak’olombelona.

Nanohy ny dianay izahay ka tonga teo amin’ny toerana midadasika toa kianja fanaovam-baolina. Eto ny devoly no mihomehy ireo fanahy very any. Akorainy sy latsainy ary ampijaliany ny fanahy noforonina araka ny endrik’Andriamanitra. Ahantony toy ny hena amidy ireny ny fanahy very ao, avy eo tapahiny ka afeniny ilay tapany, Sahirana ery ny olona mitady ny ampahampahan’ny vatany, ary mahafaly ny devoly indrindra izany.

Ataon’ireo devoly ho fialam-boly mahatsiravina izy ireo ary tsindrominy amin’ny zava-maranitra tsy asiany indràfo. Araka ny voasoratra hoe: ***“Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; ...”*** **(jaona 10:10)**

Fadiranovana matin-ketaheta ny olona saingy tsy hahita rano mandrakizay. Eny, manenina ireo fanahy very ireo, naleony aza tsy nateraka ho olombelona toy izay niafara toy izao. Ny tena lozan-tany dia ny fampijaliana mahazo ireo izay nahalala an’i Jesosy Kristy, kanefa very ny famonjena azy satria lasa nanalavitra ny Tompo Mpamonjy.

Raha toy izany ny toerana misy anao ankehitriny, miverena re ao amin’i Jesosy ary aza mangataka andro intsony hibebahana! Ary aza menatra na ny namanao na ny havanao, n’inona n’inona izay holazainy momba anao fa lasa mpivavaka be ianao. Aza raharahaina izany fa tsy misy famonjena aty ambany masoandro raha tsy ao amin’i Jesosy Kristy irery ihany. Ary tadidio fa efa nilaza toy izao Jesosy: ***« Fa na iza na iza no ho menatra Ahy sy ny teniko, dia ho menatra azy kosa ny Zanak'olona, raha avy amin'ny voninahiny sy ny an'ny Rainy ary ny an'ny anjely masina”.*** **(Lioka 9:26)**

Fotoana izao handehananao eo anatrehan'Andriamanitra ka hitadiavanao ny Famonjena sy ny famindram-pony. Aza mitady fiangonana metimety aminao; tsy izany fa mitadiava fiangonana izay tena iasàn'ny Fanahin'ny Tompo ary mamoaza ny voan'ny fibebahana mba tsy hiverenanao amin'ny ota intsony! Fotoana izao hidiranao amin'ny fibebahana làlina sy hiantorahanao amin'ny fo torotoro sy mangorakoraka eo amin'ny Tompo. Raha misy fahotana ka tsy mbola nibebahana, dia tadidio fa TANDINDOMIN-DOZA IZAY NY FANAHINAO, hoy mantsy ny baiboly: ***"...ho avy toy ny mpangalatra amin'ny alina ny andron'ny Tompo."*** **(I Tesaloniana 5:2)**. Ka ahoana, vonona ve ianao sa tsia?

Nanohy nijery ny fampijaliana ataon'ireo devoly ny olona izahay. Hitako esorin'ny devoly ny masony ary afeniny. Ilay olona amin'izay tsy maintsy mitady iny masony afaka iny ary midridridridry mitaraina ny hirifirin'izany mandra-pahitany ilay masony. Tena mahafaly ny devoly ny fampijaliana toy izany. Ny sasany ahantony ny tongotra aman-tanany. Ary ireo izay nahalala ny Tompo ka maty noho ny fahotany, dia henjana sy mafimafy kokoa ny fampijaliana azony. Ary indroa heny ny fampijalian'ny devoly azy. (**Hebreo 10:26-27).** Ireo izay tsy nahalala mihitsy an'Andriamanitra dia ampijalian'ny devoly ihany koa, kanefa maivana kokoa ny fampijaliany azy oharina amin'ireo nahalala an'i Jesosy ary tena fampijaliana faratampony no azony. **(II Petera 2:21)**

Tamin'ny fotoana nahitako ireo dia tena fadiranovana fatratra ny fanahiko ary nangorohoro tsy nisy toy izany hatr'izay niainako. Eny, te-hanampy ireo fanahy mangataka famelana sy vonjy amin'ny Tompo ireny aho. Hoy Jesosy tamiko: "***Mbola hasehoko anao daholo ny zavatra miandry ireo fanahy ireo ato.***"

Tonga teo amin'ny toerana misy fonja maro nirehitra afo izahay. Ao anatin'ireny efitrefitra ireny dia ahitana fanahy kilan'ny afo ka ny karan-taolany may toy ny arina no sisa hita eo. Na izany aza dia mbola mahatsapa ny fijaliana ihany izy ireo ary mikiakiaka mila vonjy sy famelana avy amin'i Jesosy rehefa mandalo eo anoloany izahay. Fantatro fa olona nivavaka sy niangona tany am-piangonana ireo; ny sasany aminy aza dia mpitory ny Tenin'Andriamanitra teo amin'ny fiainany, ny hafa kosa mpandroaka demonia ary efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Ankehitriny ireo kristiana ireo dia aty amin'ny helo, satria indray andro dia nanapa-kevitra niala tamin'ny làlan'Andriamanitra ary tsy nanao ny sitrapon'i Jehovah Andriamanitra intsony.

Ny làlana mankany amin'ny helo

Ny Tompo niteny tamiko hoe: "***Jerevo io làlana malalaka io.***" Ary hitako fa betsaka ny kristiana mandeha eo aminy ary mitondra Baiboly eny an-tanany aza ny maro. Hitako fa mivavaka izy ireo ary ny sasany manao hira fiderana.

Hitako ihany koa ilay fiolahana miankavanana mankeo amin'ny làlana tery sy ety ho any amin'Andriamanitra, kanefa ireo kristiana dia manao hitsin-dàlana mankany amin'ny

helo. Manazava toy izao Jesosy : *" Manao fitan-droa izy ireo ; manana fomba fiainana roa izany: ny iray dia ao amin'ny Trano fivavahana ary ny iray rehefa any an-tranony."* Niteny aho hoe: *"Kanefa Tompo ô, izy ireo anie ka nivavaka sy nanome voninahitra ny Anaranao e!"* Namaly Jesosy hoe : *"Eny, hatramin'izy ireo mitomany, miantso mafy sy milaza zavatra tsara na filazantsara momba Ahy aza, ny fon'izy ireo dia feno fijangajangana, ny fankahàlana sy ny tsy fitiava-namana, ny lainga, ny fitaka sy ny soloky, ny lolompo, ny fo feno ngidin'ny afero sy ny fisainan-dratsy."* Ary tsapako teo ilay voasoratra hoe: *"Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra."* **(Matio 7:21)**

Kristiana maro no miaina amin'ny lolompo sy fankahalana ny rahalahiny; ary matetika dia tsy mandeha any am-piangonana izy ireo noho io tsy fitiavana io. Ny mahagaga anefa raha manontany ny Pasitora hoe: *"Iza no tia an'ny Tompo?"* Mamaly izy rehetra hoe: *"Amena! "* Ny Baiboly dia milaza mazava tsara amintsika fa izay tsy tia ny rahalahiny dia mitovy amin'ny mpamono olona ary ny mpamono olona dia tsy hiditra ny fanjakan'ny Lanitra mihitsy. Voasoratra hoe: *"Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra tezitra*[*Na: tezitra foana] amin'ny rahalahiny dia miendrika hohelohina amin'ny fitsarana; ary na zovy na zovy no hanao amin'ny rahalahiny hoe: Olom-poana ianao, dia miendrika hohelohina amin'ny Synedriona; ary na zovy na zovy no hanao hoe: Foka ialahy, dia miendrika ho ao amin'ny helo** mirehitra afo.[**Gr. Gehena]."* **(Matio 5:22)** Ny rahalahy toa izany dia tena hanenina tokoa rehefa ho avy ny Tompo.

Miteny amintsika ny Baiboly hoe: *"Aza mankahala ny rahalahinao amin'ny fonao; mananara dia mananara ny namanao, mba tsy hahazoanao heloka noho ny aminy. Aza mamaly ratsy na manao lolompo amin'izay iray firenena aminao: fa tiava ny namanao tahaka ny tenanao: Izaho no Jehovah."* **(Levitikosy 19:17-18)** Tena mampalahelo raha toa ka mbola velona manompo ny Tompo, kanefa tsy ho tonga any an-Danitra.

Tena mila mitalaho mafy isika ary hanontany tena hoe: *"Tena vonona tokoa ve aho ho an'ny Tompo? Manatanteraka marina ny sitrapony tokoa ve aho? Feno fanatrehan'Andriamanitra tokoa ve ny fiainako?"* Eny, mbola fotoana izao hanoloranao ny fonao tanteraka an'Andriamanitra mba hialanao ny afon'ny Helo.

Betsaka ny tsy mivaky loha izay hisy azy rahatrizay; fa tiany fotsiny ny migoka izao fiainana izao. Milaza aminareo nefa aho: mandània fotoana miaraka amin'i Jesosy fa tsy miaraka amim-behivavy, izay no atao hoe mankafy ny fiainana. Mandany fotoana ao amin'ny Tranon'ny Tompo na ao am-piangonana fa tsy any amin'ny bara fisotroana, izay no tena fiainana. Isika dia tsy tokony ho lany andro fa hangataka avy hatrany ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra raha ohatra ka mbola mandeha amin'ny làlan'ny fahotana sy ny fahafatesana.

Tany amin'ny Helo, nahita olona maro aho nihevi-tena ho masina fony tety an-tany , kanjo very ary mitady famelan-keloka sy te-hiverina indray hanonitra ny zavatra tsy nibebahana. Ny fanahiko dia tena mangoraka azy ireo tokoa ny amin'izany. Nahita ity vehivavy iray izahay izay toa namaky Tenin'Andriamanitra ary nitory mihitsy ny **Jaona 3:16** hoe: *"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."* Hoy i Jesosy tamiko: "***Aty izy fa tsy namela heloka mihitsy ny vadiny; tsy nety vitany mihitsy ny namela azy.***" **(Matio 6:14-15)**

Io vehivavy io nefa dia Pasitora amin'ny Fiangonana Ara-pilazantsara iray nandritra ny 35 taona, saingy any amin'ny helo ankehitriny; mba mangataka famindram-po koa izy homena fahafahana hamela heloka ny vadiny ety ambonin'ny tany. Ny Baiboly anefa mampitandrina antsika hoe: ***"Mihavàna faingana amin'ilay manana ady aminao, raha mbola miara-dia aminy ianao, fandrao ilay manana ady aminao hanolotra anao amin'ny mpitsara, ary ny mpitsara kosa hanolotra anao amin'ny mpamatotra, ka hatao ao an-tranomaizina ianao."*** **(Matio 5:25) ; *"Sambatra ny miantra; fa izy no hiantrana."*(Matio 5:7)**

Raha ohatra ianao ka mitomany an-dranomaso mitady ny fanatrehan'Andriamanitra, dia mbola eo ambanin'ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny fiantrany na ny famelan-kelony ianao izay. Fa raha ohatra ka tsy mahatsapa intsony ny heloka vitanao na tsy tomany fa indrindra tsy mivavaka intsony, dia tadidio fa mitatao loza izay ianao.

Ny fifamelana heloka dia fihetsika miavaka indrindra sy mitaky fanetren-tena; ary ilay vehivavy Pasitora io tsy mba nahay namela heloka mihitsy. Tao anatin'ny **35 taona** izy dia mpanompon'Andriamanitra nafana fo, kinajo very no niafarany. Mieritrereta ry havako ary ataovy azo antoka fa namela heloka ny olona rehetra ianao. Fomba manao ahoana moa no tianao handanianao ny mandrakizainao?

Manana rahalahy iray tampo amiko aho izay milaza foana hoe : ***"Raha ho faty aho dia handeha any amin'ny helo, ka avelao ireo demony hampijaly ahy".*** Misaotra an'Andriamanitra aho fa niova fo izy ary tsy ho tratry ny fitsaran'Andriamanitra any amin'ny fampijaliana mandrakizay. Amin'ny fotoana anaovako izao hafatra izao dia azon'ny aretina SIDA. Ary nibebaka sy nifona amin'Andriamanitra izy ary nanolotra ny fony tanteraka an'i Jesosy Kristy. Tsy mihevitra toy ny fieritreretany teo aloha intsony izy izao ary tsy te-ho any amin'io toeram-pijaliana io. Fifaliana ho ahy izany fa nanaiky an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy azy Izy. Ary tena niova fo tanteraka tokoa izy ary nibebaka mihitsy, satria fantany fa kely sisa ny andro hiainany. Ny ankamaroan'ny olona anefa dia tsy mahafantatra ny andro izay hahafatesany.

Nanohy nandeha niaraka tamin'i Jesosy aho ary tonga tamin'ny toerana akaiky ny fikambanan'olona iray mitondra ny anarana hoe « Kristiana ara-pilazantsara ». Nohazavain'i Jesosy tamiko ny antony nahatonga ireo olona ireo any amin'ny helo. Nisy lehilahy mpifanolo-bodirindrina tamin'izy ireo mpisotro sy efa barika mandehandeha mihitsy saingy niova fo ho kristiana. Indray andro dia narary mafy ny vadiny. Nandeha nandom-baravarana tamin'ireo mpiara-mivavaka aminy izy mba hangataka fanampiana hitondrana ny vadiny any amin'ny hopitaly. Hoy izy**:*"Marary mafy ny vadiko; mba ampindramo vola kely aho hitondrako azy amin'ny hopitaly."*** Samy namaly daholo ireo kristiana nandalovany hoe: ***"Hoy ianao! Tsia! Tsy misy vola izahay!"***. Tonga tamin'ny tranona kristiana hafa izy dia fandavàna toy izany daholo no azony. Farany dia **maty ny vadiny** satria tsy tonga tany amin'ny hopitaly**.**

Ny ray amin'ireo kristiana ireo dia nilaza hoe: ***"Nahazo lesona tsara izay ilay tranon-toaka iny, izy te-hahazo vola fotsiny hisotroany, tsy maha-voafitaka ahy izany izy! Izaho dia tsy nanome na dia iraimbilanja aza!".*** Ankehitriny any amin'ny helo izy ireo tratry ny fampijaliana ao anatin'ny lel'afo ary manenina noho ny haratsiam-panahiny. Ny toetra toy izany dia efa nampitandreman'ny Tompo. **(Matio**

23:31-46)
Ireo olona ireo dia mifampitohitohy mifatotra amin'ny tady ary miara-mirehitra ao anaty afobe. Mihintsana daholo ny nofony ary tsy misy farany ny fampijaliana azy ireo. Ary tadidin'izy ireo tsara ny haratsiam-panahy nataon'izy ireo tety ambonin'ny tany.

Kristiana iray mpanambony tena sy mpiavona

Henoinareo tsara aho hoy izy: "Izaho dia kristiana ara-pilazantsara. Nivavaka ho an'ireo marary aho dia sitranin'Andriamanitra avy hatrany izy ireo; Nivavaka ho an'ireo kilemaina aho dia indro fa atsangan'Andriamanitra izy ka mandeha. Namoaka devoly sy niteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho; nefa manana fanahy miavona izay entiko fa latsaka ambany noho izaho ny fiheverako ny pasitorako raha ara-panahy no lazaina. Tena nisy fahagagana betsaka ny teo amin'ny asa izay nataoko raha oharina amin'ny vitan'ny Pasitorako. Ary nanomboka nino aho fa izaho mihitsy no mahavita ireny fahagagana ireny. Tao amin'ny fiavonavonako, nihevi-tena aho fa izaho no tapitr'ohatra (super-doué) ary olona notsongaina mihitsy. Tsy nahalala mihitsy aho fa hay famindram-pon'Andriamanitra tao amin'ny fiainako izy ireny. Rehefa tonga aty amin'ny helo dia hoy Andriamanitra tamiko: ***"Izaho dia tsy Andriamanitry ny mpiavonavona sy mpanambony tena."***

Betsaka ireo mijoro eo anoloan'ny alitaran'Andriamanitra kanefa feno avonavona sy manamaivana ny voninahitr'Andriamanitra. Betsaka ireo mpidera an'Andriamanitra no lasa feno fanandràtan-tena. Maro koa ireo mpanompon' Andriamanitra izay mitory ny Teniny ary ampiasain'Andriamanitra amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia mihevi-tena ho miavaka indrindra. Toy izany koa, betsaka ireo mpiandry na mpandroaka devoly no lasa manandra-tena. Tiako ny milaza aminareo fa hitan'Andriamanitra daholo ireo ary Izy dia mahalala ny ao am-po tsy miloaka.

Raha ohatra ka manana fiheverena manamaivana ny voninahitr'Andriamanitra ianao, manandra-tena, miavonavona ao am-ponao, raha mijery ny rahalahy, na ny pasitora,…amin'ny fanambaniana, miangavy anao aho mba hibebaka haingana fa fahotana mahavery izany! Tsarovy fa ho moramora kokoa ny hifonanao sy hibebahanao amin'ny samy olombelona, toy izay eo anatrehan'ny fitsaran'Andriamanitra. Tiako mihitsy ianao mba hahita ity toerana izay tantaraiko aminao izao. Tiako ianao mba haheno ny kiakiakam-pijaliana mba hahatsapa ny tahotra izay nahazo ahy koa, ary mba ho hitanao ny fitsarana farany dia ho tsapanao izany ka hialanao amin'ny toetra ratsy.

Nanohy ny dianay hatreo amin'ny efitrano fiandrasana izay izahay. Hitanay ny demony iray miteny mafy ary ny sasany miseho eo anoloany. Ny roa tamin'ireo niseho dia endrika vehivavy tsara tarehy. Ny asan'ireto dia miezaka manapotika ny fanompoana na ny fomba fivavahana ety ambonin'ny tany ka mitarika ireo mpitondra na ny mpiandraikitra ao am-piangonana mba hanota. Noho izany dia tokony ho mailo ny mpanompon'Andriamanitra rehetra (pasitora, katekista, mpiandry, diakona, ny mpitarika ny tanora na ny mpidera, ny mpitarika ny sekoly Alahady, sns…) amin'ireo fandrika rehetra ataon'ny Satana.

Ny Satana dia tsy mitsahatra ny hanapotika ny fiainan'ireo mpitondra fivavahana sy ny fiangonana, ary mampiasa olona akaiky anao mihitsy izy, fa indrindra ireo havanao manalavitra an'i Jesosy. Ireo havanao akaiky anao tsy mahalala an'i Jesosy Kristy ireo dia matetika ataon'i Satana fitaovana hanapotika sy mba hahatonga anao hanota. Satana koa dia manana demony izay tena miseho vatana olombelona mihitsy. Tonga ao am-piangonana izy ireo ka: ny demony maka endrika vehivavy tsara tarehy dia handavo ny mpitondra fiangonana sy mpiara-miasa aminy; ny demony maka endrika tovolahy tsara tarehy dia mitady ireo vehivavy tanora ary hatramin'ny vehivavy manambady aza taominy izy ireo hanota sy hijangajanga hanapotika ny mariazy na ny tokatrano hatramin'ny fiainany manontolo aza.

Ao amin'ny Helo dia nahita lehilahy iray izay aho izay naniratsira sy nanohitra ny Fanahy Masina. (**Lioka 12 :10**) Nangataka famonjena io lehilahy io, mikiakiaka noho ny fijaliana mahazo azy ao. Misy kankana eny amin'ny tarehiny sy ny vatany manontolo. Miezaka manala ireo kankana ireo izy, kanefa vao maika miha-maro isa ireo kankana ireo hihinana sy hampijaly azy.(**Marka 9:44**)

Tena tafahoatra ny fijalian'io lehilahy io ao amin'ny helo noho ny naniratsiràny ny Fanahy Masina. Niangavy anay io lehilahy io mba hiteny ny fianakaviany mba tsy ho tonga any amin'io toeram-pijaliana io. Raha tena tiantsika ny fianakaviantsika dia adidintsika ny hivavaka sy hitory ny Tenin'Andriamanitra amin'izy ireo mba tsy handehanany any amin'ny helo afo. (**Asan'ny Apostoly 16:31**)

Ny Baiboly dia miteny amintsika : ***"Ary aza matahotra izay mamono ny tena, nefa tsy mahay mamono ny fanahy; fa aleo matahotra Izay mahay mahavery ny fanahy sy ny tena ao amin'ny helo*.[*Gr. gehena]"***(**Matio 10:28**). Tokony ho tadidin'ny kristiana rehetra fa na dia manafina ny marina eo anoloan'ny pasitorany izy, na ny diakona sy ny loholom-piangonana ary ny mpiandry, na eo amin'izy samy kristiana aza, dia tsy afa-miala ny fanatrehan'Andriamanitra; fa ny ataon'ny velona rehetra dia hitan'Andriamanitra daholo. Toy izao no voasoratra : ***« Aiza no hialako amin'ny Fanahinao? Aiza no handosirako tsy ho eo anatrehanao? Na dia miakatra any an-danitra aza aho dia any Hianao; Ary na dia manao ny fiainan-tsi-hita* ho fandriako aza aho, indro, any Hianao.[Heb. Sheola] Na dia maka ny elatry ny maraina aza aho, mba hitoetra any am-paran'ny ranomasina, dia mbola entin'ny tananao ihany aho, na dia izany aza, sy hazonin'ny tananao ankavanana***." (**Salamo 139:7-10**)

Mandainga amin'Andriamanitra

Mety lazaina ho fahadalana kely izany, nefa betsaka ny kristiana lasa any amin'ny helo noho io fahazarana mandainga io. Matetika ny kristiana no tsy manam-pisalasalana mandainga hatrany am-piangonana ary mihevitra fa tsy maninona ny tafalatsaka ao anatin'izany. Raha ametrahan'ny pasitora fanontaniana dia mandainga tsotra izao. Tadidio fa lainga iray niaraha-nanao no namonoan'Andriamanitra an'i Ananiasy sy Safira tao am-piangonana. (**Asan'ny Apostoly 5:3-10**)

Betsaka ny kristiana lasa any amin'ny helo noho ny laingalainga ataony amin'ny pasitorany. Tsy fantany fa Andriamanitra mivantana no andaingàny. Efa nampitandrina antsika ny baiboly fa ny mpimamo, ny mpijangajanga, ny olom-betaveta sy ny mpandainga dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra. (**I Korintiana 6:9-10**) (**Apokalypsy 21:8**)

Mety mihevi-tena isika fa mitondra ny anarana hoe “kristiana”, kanefa mpanota sy tsy madio isika eo anatrehan’Andriamanitra raha manohy manota foana. Izaho izay miteny aminao izao dia manompo sy ampiasain’Andriamanitra mihitsy, kanefa nieboebo fatratra tao am-poko. (**Matio 7:21-23**)

Mbola manana fotoana ianao izao raha toa ka tafalatsaka amin’ny toetra toy izany koa, aza mangatak’andro fa mibebaha avy hatrany, ovay ny fo sy ny fisainana mba hifanaraka amin’ny sitrapon’Andriamanitra.

Raha toa ianao ka kristiana matimaty, mpiodina na manana fiainana roa samihafa, miangavy anao aho mba aondreho ny lohanao eo anatrehan’Andriamanitra, angataho ny famindram-pony mba hamelany ny helokao, ary miovà tanteraka hiala amin’ny fahazaran-dratsinao. Raha ohatra ka tsy mbola fantatrao na tsy nandray an’i Jesosy Kristy ho Mpamonjy anao dia mivavahà ary mangataha Aminy ny famelan-keloka, ento sy atolory Azy ny fonao vato mba hovainy ho fo nofo, ary indrindra ekeo i Jesosy Kristy ho Mpamonjy anao.

Aza mangataka andro intsony!
Ary aza mba ho isan’ny kristiana ho any amin’ny HELO!

Nandika tamin’ny fiteny Malagasy: ***MASINAVY Jeannot (masinavy05@gmail.com)***
www.DivineRevelations.info/BRENES